PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

---------------------

SECRETARIAT GENERAL

---------------------

COMITE POUR LA SAUVEGARDE DE L'INTEGRITE

# COMMUNIQUE DE PRESSE

-

# Mécanisme de mise en œuvre de la Stratégie Nationale de Lutte Contre la Corruption 2025-2030

Antananarivo, le 15 septembre 2025 - Le mécanisme de mise en œuvre de la Stratégie Nationale de Lutte Contre la Corruption (SNLCC) 2025-2030 adopté en conseil des ministres est actuellement opérationnel.
Une nouvelle étape a été franchie, le décret 2025-568 du 28 mai 2025 relatif au cadre institutionnel de la mise en œuvre de la SNLCC 2025-2030, adopté en conseil des ministres, a mis en place les structures dédiées à la mise en œuvre de cette nouvelle stratégie.

Le texte institue un **cadre institutionnel** robuste et inclusif, garantissant la cohérence et l'efficacité des actions menées contre la corruption. Ce dispositif comprend :

- **Le Comité de Pilotage**, organe d'orientation stratégique présidé par le Premier Ministre, Chef du Gouvernement et co-présidé par le Président du Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité (CSI). Il assure la coordination, le suivi des réalisations et la validation des plans de mise en œuvre.
- **Les Sous-comités stratégiques**, chargés de déployer les trois objectifs majeurs de la SNLCC :
  - *Mettre fin à l'impunité (Sous-comité "Impunité")*
  - *Promouvoir la synergie et l'approche multi-acteurs (Sous-comité "Synergie")*
  - *Instaurer une culture d'intégrité partagée (Sous-comité "Intégrité")*
- **Le Comité de suivi-évaluation**, garant de la performance et de la transparence, chargé de définir les indicateurs, d'assurer l'évaluation périodique et de servir de relais entre les différents organes.
- **Le Comité multi-acteurs**, plateforme de concertation réunissant le Parlement, les institutions de contrôle, le secteur privé, la société civile et les partenaires techniques et financiers.

Chaque Sous-comité stratégique est chargé de mettre en œuvre des actions concrètes et mesurables en lien avec son objectif stratégique, en particulier celles concernant :

- **Sept secteurs clés** : Justice, Santé, Éducation, Forces de Défense et de Sécurité, Foncier, Finances Publiques, Jeunesse et Sports.
- **Sept filières stratégiques** particulièrement exposées aux risques de corruption : trafic d'espèces sauvages, or, saphir, vanille, girofle, litchis et économie bleue.

Chaque organe de gouvernance est tenu de produire des rapports réguliers afin d'assurer un suivi rigoureux :

- Le **Comité de Pilotage** présentera un rapport annuel au Président de la République et au Parlement.
- Les **Sous-comités stratégiques** soumettront des rapports semestriels sur leurs réalisations.
- Le **Comité multi-acteurs** formulera des recommandations et participera à la revue annuelle de la SNLCC.

Le Secrétariat du Comité de Pilotage, des Sous-comités stratégiques, du Comité de suivi-évaluation ainsi que du Comité multi-acteurs est assuré par le Secrétariat Permanent du Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité (CSI).

L'ensemble de ces mécanismes vise à garantir la transparence, la redevabilité et l'efficacité des mesures prises dans le cadre de la Lutte Contre la Corruption.

L'adoption de ce décret et l'opérationnalisation du mécanisme y afférent confirment la détermination du Gouvernement malagasy à faire de la Lutte Contre la Corruption une priorité nationale, en mobilisant toutes les parties prenantes autour d'une gouvernance intègre et efficace.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE
---------------------
SECRETARIAT GENERAL
---------------------
COMITE POUR LA SAUVEGARDE DE L'INTEGRITE

## FAMPITAM-BAOVAO
-
## Ireo Rafitra fampiharana ny Paikadim-pirenena Iadiana amin'ny Kolikoly 2025-2030

Antananarivo, 15 septambra 2025- efa voapetraka ankehitriny ireo rafitra nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitra entina hanatanterahana ny Paikadin-pirenena Iadiana amin'ny Kolikoly (SNLCC) 2025-2030.
Dingana vaovao lehibe no vita ankehitriny. Ny didim-panjakana laharana 2025-568, navoaka ny 28 mey 2025 sy nolanian'ny Filankevitry ny Minisitra, dia nametraka rafitra manokana mikasika ny fanatanterahana ny SNLCC 2025-2030.

Miandraikitra ny fampiharana an'ity paikady vaovao ity izany rafitra izany ka ahitana:

- **Komity Mpitarika:** Rafitra mpanome torolalana stratejika tarihin'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, sy ny Filohan'nyKomity Mitandro ny Fahitsiana (CSI). Miantoka ny fandrindrana, ny fanaraha-maso ny zava-bita ary ny fanamarinana ny drafitra fampiharana izy io..
- **ZanabondronaStratejika**:tompon'andraikitra amin'ny fampiharana ireo tanjona stratejika telo lehibe napetraky ny SNLCC:
    - **Fanafoanana ny tsimatimanota** (Zana-bondrona misahana ny lohahevitra "Tsimatimanota")
    - **Fampiroboroboana ny fiaraha-miasa sy ny fandraisana anjara** (Zana-bondrona misahana ny lohahevitra "Fiaraha-miasa")
    - **Fametrahana kolontsaina mifototra amin'ny fahitsiana** (Zana-bondrona misahana ny lohahevitra "Fahitsiana")
- **Komity Mpanara-maso sy Fanombanana** :miantoka ny fahombiazan'ny asa sy ny mangarahara. Tompon'andraikitra amin'ny famaritana ireo tondro fandrefesana, ny fanombanana tsy tapaka ary ny fifandraisana eo amin'ireo rafitra rehetra.
- **Komity mampivondrona ireo mpisehatra isan-tsokajiny**, Sehatra ifampidinihana sy fifanakalozan-kevitra mampivondrona ny Antenimierampirenena, ireo andrim-panaraha-maso, ny sehatra tsy miankina, ny fiarahamonim-pirenena ary ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola.

Tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana asa mivaingana sy azo refesina mifanaraka amin'ny tanjona stratejika ny Komity Stratejika tsirairay. Indrindra ireo mifandraika amin'ny **sehatra fito (07) laharam-pahamehana**: Fitsarana, Fahasalamana, Fanabeazana, Fiarovana sy Filaminana, Fitantanana ny Tany, Fitantanam-bola ampahibemaso, Tanora sy Fanatanjahantena; ary ireo **zotram-pihariana stratejika fito (07)** marefo amin'ny kolikoly: fanondranana an-tsokosoko ireo biby sy zavamaniry voaaro, volamena, safira, lavanila, jirofo, letisy ary ny toekarena manga.

Tsy maintsy mamoaka tatitra tsy tapaka ny rafitra rehetra mba hiantohana ny fanaraha-maso hentitra ny vokatrin'ny asa:

- Hanolotra tatitra isan-taona ho an'ny Filoham-pirenena sy ny Antenimierampirenena ny Komity Mpitarika
- Hanolotra tatitra isaky ny enim-bolana momba ny zava-bita ny Zana-bondrona Stratejika
- Hanolotra soso-kevitra sy handray anjara amin'ny famerenana isan-taona ny SNLCC ny Komity hitondra ireo mpisehatra isan-tsokajiny.

Miandraikitra ny fanohanana ara-tekinika sy ara-pitaovana ireo rafitra rehetra voatanisa ireo ny Sekretera maharitra ao amin'ny CSI: ny Komity Mpitarika, ny Zana-bondrona Stratejika, ny Komity Mpanara-maso sy Fanombanana ary ny Komity hitondra ireo mpisehatra isan-tsokajiny.

Mikendry ny hanamafy ny mangarahara, ny fitakiana andraikitra ary ny fahombiazan'ny fepetra raisina amin'ny ady amin'ny kolikoly ireo rafitra rehetra ireo.

Manamarina ny finiavan'ny Governemanta Malagasy hanao ny ady amin'ny kolikoly ho laharam-pahamehana nasionaly ny faneken'ny Filankevitry ny Minisitra ity didim-panjakana ity sy ny fampandehanana ireo rafitra mifandraika aminy. Miaraka amin'ny fampandraisana anjara ny rehetra amin'ny fanatanterahana fitondrana madio sy mahomby.

www.csi.gov.mg contact@csi.gov.mg 2ème étage - Entrée B - Immeuble ARTEC Andohatapenaka
BP 873 Antananarivo 101 - Madagascar